

# Famoahana tantara ho an'ny fianakaviana iray manontolo!




365 histoires .com

Jean-Louis Gaillard






Ho ahy ankehitriny, ny finoana dia hiova ho fahitàna, ny fanantenana ho fananana. Ary ho mandrakizay, dia ho eo akaikin' ilay hatao hoe fitiavana. Tsy tokony ho feno tsy fahandrasana lehibe ve aho ?



... Hatramin' ny voalohany dia napetrako eo an-tànan'Andriamanitra avokoa ny zavatra rehetra. Raha mitaky amiko izao fiafaràna izao Izy - hatao anie ny sitrapony àry !



Veloma, any ambony any, akaikin' ny Rain' ny fahazavana ! Ny Hermann nareo izay sambatra any an-danitra.



Ao anatin'ny toe-javatra tena sarotra Andriamanitra dia afaka mihazona ny zanany ao anatin'ny finoana, ny filaminana ary ny fahasambarana. Ohatra iray ny amin'izany dia ny pasitera Hermann Lange izay nogadrain'ny Nazia ary novonoina.



Raha manontany ahy ianareo hoe manahoana aho izao, tsy afaka mamaly aho afatsy hoe : 1. Ao anatin'ny fifaliana aho 2. Ao anatin'ny fiandrasana tsy mahandry aho ! Ho ahy, amin'io andro io, ny fijaliana rehetra, ny fahoriana rehetra eto an-tany dia hifarana ary Andriamanitra hamafa ny ranomaso rehetra amin'ny masoko.



Tao amin'ny taratasy fanaovam-beloma farany nosoratany ho an'ny ray aman-dreniny dia izao no nosoratany : rehefa voarainareo eny an-tànanareo ity taratasy ity dia tsy ho anisan'ny ireo velona intsony aho! Izay nandritry ny volana maro nameno foana ny sainay ary tsy nety niala intsony dia indro fa ho tonga izao.



Fampiononana manao ahoana sy hery mahagaga manao ahoana no mivoaka avy amin' ny finoana an'i Kristy, Izy izay nialoha antsika tao amin' ny fahafatesana. Ao Aminy no ninoako, ary ankehitriny indrindra dia vao mainka mino mafy Azy aho ary tsy ho diso fanantenana...

365histoires.com

# Boky miloko

